# Le Livre de Mormon : un trésor inestimable dans notre vie

Par Ozani Farias
*des soixante-dix*

# Ny Bokin'i Môrmôna—Harena tsy hay faritana eo amin'ny diantsika

Nataon'ny Loholona Ozani Farias
*Ao amin'ny Fitopololahy*

Conférence générale d'octobre 2025

---

*Si nous nous faisons un festin des paroles du Christ contenues dans le Livre de Mormon, l'Esprit nous aidera à comprendre des vérités éternelles.*

*Rehefa mivoky amin'ny tenin'i Kristy izay hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika dia hanampy antsika hahatakatra ireo fahamarinana mandrakizay ny Fanahy.*

Vous souvenez-vous d'un moment où quelqu'un vous a offert un cadeau qui a changé votre vie ? Ce mois d'octobre marque les quarante ans depuis que j'ai reçu l'un des plus grands cadeaux de ma vie. Lorsque j'étais au lycée, j'ai remarqué qu'un de nos camarades dégageait une lumière différente de celle de la plupart des autres jeunes. J'aimais passer du temps avec lui. Un jour, il m'a dit qu'il était membre de l'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours. Puis il m'a offert un cadeau : un exemplaire du Livre de Mormon. Il m'a invité à en lire quelques pages et à rencontrer deux de ses amis qui pourraient répondre à mes questions. Ces amis étaient des missionnaires.

Tsaroanao ve hoe nisy fotoana ianao nomen'olona fanomezana iray izay nanova ny fiainanao? Manamarika ny faha-efapolo taona nandraisako ny iray amin'ireo fanomezana lehibe indrindra tamin'ny fiainako ity oktôbra ity. Fony aho tany amin'ny lisea dia nahatsikaritra fa nanana fahazavana tsy mitovy amin'ny an'ny ankamaroan'ny tanora hafa ny mpiara-mianatra aminay iray. Nahafinaritra ahy ny niaraka taminy. Nilaza tamiko izy indray andro fa izy dia mpikambana ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Dia nanome tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna iray ahy izy ho fanomezana. Nanasa ahy hamaky pejy vitsivitsy izy ary hihaona amin'ny namana roa izay afaka hamaly ireo fanontaniako. Misiônera ireo namana roa ireo.

Lorsque j'ai rencontré les missionnaires, ils m'ont enseigné la doctrine du Christ et m'ont invité à suivre l'invitation du prophète Moroni : « Et lorsque vous recevrez ces choses, je vous exhorte à demander à Dieu, le Père éternel, au nom du Christ, si ces choses ne sont pas vraies ; et si vous demandez d'un cœur sincère, avec une intention réelle, ayant foi au Christ, il vous en manifestera la vérité par le pouvoir du Saint-Esprit » (Moroni 10:4).

Rehefa nihaona tamin'ireo misiônera aho dia nampianatra ahy ny fotopampianaran'i Kristy izy ireo ary nanasa ahy hanaraka ilay fanasan'ny mpaminany Môrônia hoe: "Ary rehefa handray ireto zavatra ireto ianareo, dia ta hamporisika anareo aho ny mba hanontanianareo an' Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin'ny anaran'i Kristy, raha tsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany amin-kitsimpo ianareo, ombban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy, dia haneho ny fahamarinan'izany aminareo Izy amin'ny herin'ny Fanahy Masina" (Môrônia 10:4).

J'ai lu plusieurs pages du Livre de Mormon et j'ai prié. Même si je ne comprenais pas encore

Namaky pejy maromaro tamin'ny Bokin'i Môrmôna aho ary nivavaka. Na dia tsy mbola

pleinement tout ce que les missionnaires m'enseignaient, je sentais dans mon cœur que ce que je lisais était bon et venait de Dieu. J'ai reçu la confirmation de la promesse de Moroni : « Et par le pouvoir du Saint-Esprit, vous pouvez connaître la vérité de toutes choses (Moroni 10:5). »

Après mon baptême dans l'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours, certains amis ont essayé de me convaincre que j'avais fait le mauvais choix et que l'Église n'était pas vraie. Mais chaque fois que j'affrontais ce genre de doutes ou d'opposition, je recevais une nouvelle confirmation, en étudiant les Écritures et en priant, que je devais rester fidèle aux alliances que j'avais contractées avec Dieu. Depuis, le Livre de Mormon est devenu mon compagnon et un trésor inestimable tout au long de mon voyage dans la condition mortelle.

Le Livre de Mormon est bien plus qu'un simple livre. C'est un autre témoignage de Jésus-Christ, rédigé par de nombreux prophètes d'autrefois par l'esprit de prophétie et de révélation.

L'événement le plus important rapporté dans le Livre de Mormon est le ministère que le Seigneur Jésus-Christ exerça en personne, peu après sa résurrection, parmi les Néphites. Le Livre de Mormon « expose la doctrine de l'Évangile, décrit le plan du salut et dit aux hommes ce qu'ils doivent faire pour obtenir la paix dans cette vie et le salut éternel dans la vie à venir » (Introduction du Livre de Mormon).

La première édition du Livre de Mormon a été publiée en mars 1830 dans une petite ville de l'État de New York (États-Unis). Joseph Smith, le prophète, n'avait que vingt-trois ans quand il a terminé la traduction du Livre de Mormon en 1829. Il en a traduit la quasi-totalité en moins de soixante-quinze jours et le processus d'impression a pris environ sept mois.

Aujourd'hui, près de 80 000 missionnaires à plein temps servent bénévolement dans plus de 150 pays, consacrant leur vie à témoigner que le Livre de Mormon est vrai et qu'il rend témoignage de Jésus-Christ.

nanana fahatakarana lalina momba ireo zavatra rehetra nampianarin'ireo misiônera ahy aza aho dia nahatsapa tao am-poko fa tsara ny zavatra novakiako ary avy amin' Andriamanitra izany. Nahazo fanamarinana momba ilay fampanantenan'i Môrônia aho: "Ary amin'ny herin'ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan'ny zava-drehetra"(Môrônia 10:5).

Rehefa natao batisa tato amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany aho dia niezaka nandresy lahatra ahy ny namana sasany hoe nandray fanapahan-kevitra diso aho. Isaky ny nandalo fisalasalana sy fanoherana tahaka izany anefa aho dia nahazo fanamafisana vaovao tamin'ny alalan'ny fandalinana ny soratra masina sy ny vavaka mba hijanona ho marina amin'ireo fanekempihavanana izay nataoko tamin' Andriamanitra. Nanomboka tamin'izay dia lasa namako sy harena tsy hay faritana eo amin'ny fiainako ety an-tany ny Bokin'i Môrmôna.

Mihoatra noho ny boky fotsiny ny Bokin'i Môrmôna. Izy io dia Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy izay nosoratan'ireo mpaminany maro fahiny tamin'ny alalan'ny fanahin'ny faminaniana sy ny fanambarana.

Ny zava-nitranga lehibe indrindra voarakitra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia ny asa fanompoan'i Jesoa Kristy Tompo teo anivon'ny Nefita fotoana fohy taorian'ny fitsanganany tamin'ny maty. Ny Bokin'i Mormôna dia "manazava ny fotopampianaran'ny filazantsara, manoritsoritra ny drafitry ny famonjena ary milaza amin'ny olona ny tsy maintsy hataony hahazoana fiadanana eo amin'ity fiainana ity sy famonjena mandrakizay amin'ny fiainan-ko avy" (Teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna).

Ny fanontana voalohany ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy dia navoaka tao amin'ny tanàna kely iray tao New York tamin'ny martsa 1830. Vao 23 taona monja i Joseph Smith tamin'ny fotoana nahavitany ny fandikana ilay boky tamin'ny 1829. Efa ho ny boky manontolo no voadikany tao anatin'ny latsaky ny 75 andro, ary naharitra teo ho eo amin'ny 7 volana teo ny dingan'ny fanontana printy.

Ankehitriny dia misiônera amin'ny fotoana feno manodidina ny 80.000 any amin'ny firenena mihoatra ny 150 no manompo milatsaka an-tsitrapo, manokana ny fiainan'izy ireo mba hijoroana ho vavolombelona fa marina ny Bokin'i Môrmôna ary mijoro vavolombelona momba an'i

Lors du dernier séminaire pour les nouveaux présidents de mission, en juin de cette année, Russell M. Nelson a rendu un témoignage puissant du Livre de Mormon. Il a déclaré : « Le Livre de Mormon est la parole de Dieu. Il enseigne la doctrine du Christ et nous en dit plus sur l'expiation du Sauveur que n'importe quel autre livre. »

J'aimerais proposer trois suggestions qui peuvent nous aider à approfondir notre conversion à Jésus-Christ grâce à l'étude du Livre de Mormon :

## 1. Soyez diligent et constant dans votre étude quotidienne

Comme Alma et les fils de Mosiah, nous devons « [sonder] diligemment les Écritures afin de connaître la parole de Dieu » et être fortifiés dans la vérité (Alma 17:2).

Alors que nous dirigions la mission d'Atlanta (Géorgie, États-Unis), ma femme et moi avons encouragé chaque missionnaire à étudier quotidiennement le Livre de Mormon pendant au moins trente minutes. Cet engagement a augmenté notre foi et nous a aidés à rechercher des miracles et à les attendre.

Il est possible qu'après la mission, nous n'ayons plus autant de temps à consacrer chaque jour à l'étude des Écritures, mais je vous promets que si vous donnez sincèrement la priorité à l'étude quotidienne du Livre de Mormon, dans un esprit de prière, votre force spirituelle grandira et vous aurez davantage confiance dans le Seigneur et ses promesses.

## 2. Rendez votre étude plus enrichissante en vous faisant un festin des paroles du Christ

Néphi a enseigné : « Faites-vous un festin des paroles du Christ, car voici, les paroles du Christ vous diront tout ce que vous devez faire » (2 Néphi 32:3).

Se faire un festin signifie davantage que simplement lire, cela signifie apprécier, méditer et appliquer. En étudiant le Livre de Mormon, réfléchissez à des moyens de rendre votre étude des Écritures plus enrichissante. Par exemple :

Jesoa Kristy izany.

Tamin'ilay seminera ho an'ny filohan'ny misiôna vaovao vao haingana kely tamin'ny jona tamin'ity taona ity dia nizara ny fijoroana ho vavolombelona matanjaka nananany momba ny Bokin'i Môrmôna ny Filoha Russel M. Nelson: "Ny Bokin'i Môrmôna dia tenin' Andriamanitra. Mampianatra ny fotopampianaran'i Kristy izany ary manazava bebe kokoa momba ny sorompanavotan'ny Mpamonjy mihoatra noho ny boky hafa."

Te hanome sosokevitra telo aho izay mety hanampy hanamafy ny fiovam-pontsika ao amin'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna :

## 1. Mazotoa ary tohizo tsy tapaka ny fandalinanao isan'andro

Tahaka an'i Almà sy ireo zanakalahin'ny Mozià dia mila "[mandinika] amim-pahazotoana tokoa ny soratra masina [isika] hahazoan[tsika] mahalala ny tenin' Andriamanitra" sy hohatanjahina ao amin'ny fahamarinana (Almà 17:2).

Fony izahay mpitarika tao amin'ny misiônan'ny Georgie Atlanta dia namporisika ny misiônera rehetra izahay mivady mba handalina ny Bokin'i Môrmôna mandritra ny 30 minitra isan'andro farafahakeliny. Nampitombo ny finoanay sy nanampy anay hiandrandra ary hanantena fahagagana izany fanoloran-tena izany.

Mety tsy manana habem-potoana malalaka ho an'ny fandalinana soratra masina isan'andro tahaka izany izahay taorian'ny misiôna, nefa mampanantena aho fa raha manao lohalaharana amin-kitsipo ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna ombam-bavaka isan'andro ianareo dia hahazo tanjaka ara-panahy lehibe sy fahatokisana ao amin'ny fampanantenan'Andriamanitra.

## 2. Alaivo antoka mba hanan-danja kokoa ny fandalinanao amin'ny alalan'ny fivokisana ny tenin'i Kristy

Nampianatra i Nefia hoe: "Mivokisa amin'ny tenin'i Kristy; fa indro, hilaza aminareo ny zava-drehetra tokony hataonareo ny tenin'i Kristy" (2 Nefia 32:3).

Mihoatra ny mamaky fotsiny ny mivoky—midika hoe mankafy, misaintsaina ary mampihatra izany. Rehefa mandalina ny Bokin'i Môrmôna ianao dia saintsaino ny fomba hahatonga ny fandalinanao soratra masina hanan-danja kokoa.

Consultez les Aides à l'étude disponibles dans l'application « Médiathèque de l'Évangile ».

Relevez les vérités éternelles qui nous aident à comprendre le plan de Dieu et nous conduisent à contracter des alliances avec notre Père céleste et à les respecter.

Soulignez les phrases importantes et notez vos impressions afin de conserver ce que vous avez appris au cours de votre étude.

Le Livre de Mormon a le pouvoir de répondre aux questions de notre âme. Néphi a dit : « J'appliquais toutes les Écritures à nous, afin que cela fût pour notre profit et notre instruction » (1 Néphi 19:23).

Si nous nous faisons un festin des paroles du Christ, elles ouvriront la porte à la révélation et nous montreront ce que nous devons faire, dans chaque situation de notre vie, pour nous rapprocher de lui.

## 3. Témoignez de la véracité du Livre de Mormon

Tout comme Léhi désirait que sa famille mange aussi du fruit de l'arbre de vie (voir1 Néphi 8:12), lorsque nous obtenons un témoignage du Livre de Mormon, nous éprouvons le désir de faire connaître la joie qui vient de la connaissance de l'Évangile de Jésus-Christ.

Une de nos missionnaires, sœur Benson, qui assiste à cette session avec nous, m'a fait part de son désir d'aider son frère cadet. À l'époque, il se préparait à aller à l'université et n'était pas certain de faire une mission. Je me suis senti poussé à inviter sœur Benson à lire le Livre de Mormon pendant les quatre premiers mois de sa mission, en soulignant ses versets préférés, puis à envoyer cet exemplaire à son frère.

Sœur Benson a envoyé à son frère l'exemplaire du Livre de Mormon qu'elle avait annoté et l'a invité à en lire un passage chaque soir. Elle m'a ensuite confié : « Avant ma mission, mon frère

Ohatra:

Mampiasa ireo fanampiana amin'ny fandalinana ao amin'ny application Médiathèque de l'Évangile.

Mikatsaka ireo fahamarinana mandrakizay izay manampy antsika hahatakatra ny drafitr' Andriamanitra ary mitarika antsika hanao sy hitandrina fanekempihavanana amin'ny Raintsika any An-danitra.

Manasongadina ireo fehezanteny man-an-danja sy mirakitra ireo fahatsapanao mba hitahirizana ny zavatra nianaranao nandritra ny fandalinanao.

Ny Bokin'i Môrmôna dia manana fahefana hamaly ireo fanontaniana apetrakin'ny fanahintsika. Araka ny nolazain'i Nefia hoe tokony "hampihatra amintsika ny tenin' ny soratra masina rehetra isika mba ho tombontsoantsika sy ho fianarana ho antsika" (1 Nefia 19:23).

Rehefa mivoky amin'ny tenin'i Kristy isika dia hanokatra ny varavarana ho an'ny fanambarana izany sy hanoro antsika ny zavatra tokony ataontsika amin'ny toe-javatra samihafa eo amin'ny fiainantsika mba hanatonana bebe kokoa Azy.

## 3. Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna

Toy ny nanirian'i Lehia hizara ny voan'ny hazon'aina tamin'ny fianakaviany (jereo ny1 Nefia 8:12), rehefa mahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna isika dia manana faniriana hizara ny fifaliana avy amin'ny fahafantarana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Nizara tamiko ny faniriany hanampy ny anadahiny i Rahavavy Benson, iray tamin'ireo misiôneranay, izay manatrika izao fotoana izao miaraka amintsika eto. Tamin'izany fotoana izany dia niomana ny hianatra any amin'ny oniversite ny anadahiny ary tsy mbola nahazo antoka hoe handeha hanompo any amin'ny misiôna. Nanana fahatsapana aho ny hanasa an'i Rahavavy Benson hamaky ny Bokin'i Mormôna manditra ny efa-bolana voalohany amin'ny misiônany, hanamarika ireo andinin-tsoratra masina tiany indrindra ary avy eo dia handefa dika mitovy amin'izany any amin'ny anadahiny.

Nandefa ilay dika mitovy tamin'ilay Bokin'i Môrmôma voamarika i Rahavavy Benson ary nanasa ny anadahiny hamaky izany isak'alina. Nizara tamiko izy taty aoriana hoe: "Talohan'ny

ne savait pas s'il voulait faire une mission à plein temps. Petit à petit, en lisant le Livre de Mormon, il a trouvé de plus en plus de joie dans sa vie et a commencé à envisager de faire une mission. »

misiônako dia tsy nahazo antoka ny anadahiko hoe te hanompo amin'ny fotoana feno ve izy. Tsikelikely, rehefa elaela, raha namaky ny Bokin'i Môrmôna izy dia nahita fifaliana nitombo tamin'ny fiainany ary nanomboka nieritreritra hanompo any amin'ny misiôna."

Deux semaines avant que sœur Benson ne termine sa mission, son frère a reçu son appel en mission. Il sert actuellement dans la mission de Tuxtla Gutiérrez (Mexique). Grâce au Livre de Mormon, elder Benson a pu voir sa vie avec une clarté spirituelle, ce qui l'a conduit à servir le Seigneur et à avoir confiance que tout irait bien. Cette décision était un miracle influencé par la puissance des paroles du Christ.

Roa herinandro talohan'ny nahavitan'i Rahavavy Benson ny misiônany dia nanokatra ny taratasy fiantsoana ny misiônany ny anadahiny. Manompo ao amin'ny misiônan'ny Mexico Tuxtla Gutierrez izy ankehitriny. Tamin'ny alalan'ny Bokin'i Môrmôna dia lasa nahita fahazavana ara-panahy teo amin'ny fiainany i Elder Benson, izay nitarika azy hanompo ny Tompo sy hahatoky fa hilamina ny zava-drehetra. Izany fanapahan-kevitra izany dia fahagagana voatariky ny herin'ny tenin'i Kristy.

Mes frères et sœurs bien-aimés, j'encourage chacun de vous à approfondir votre étude du Livre de Mormon. Je sais que lorsque nous nous faisons un festin des paroles du Christ contenues dans le Livre de Mormon, l'Esprit nous aide à comprendre les vérités éternelles et à témoigner avec conviction à ceux que le Seigneur a préparés à recevoir son message. Le Seigneur a dit : « Mes élus entendent ma voix et ne s'endurcissent pas le cœur » (Doctrine et Alliances 29:7). Je témoigne que ceux qui le demandent à Dieu avec foi recevront, par le pouvoir du Saint-Esprit, un témoignage de la véracité et de la divinité du Livre de Mormon. J'en témoigne au nom de Jésus-Christ. Amen.

Ry rahalahy sy rahavavy malalako, mamporisika ny tsirairay aminareo aho mba hanamafy ny fandalinanareo ny Bokin'i Môrmôna. Fantatro fa rehefa mivoky amin'ny tenin'i Kristy izay hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika dia hanampy antsika hahatakatra ireo fahamarinana mandrakizay ny Fanahy, sy mba hizara ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika amim-paharesen-dahatra amin'ireo izay nomanin'ny Tompo handre ny hafany. Nilaza ny Tompo hoe: "Fa ny olomboafidiko dia mihaino ny feoko ary tsy manamafy ny fony" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:7). Mijoro ho vavolombelona aho fa ireo izay mangataka amin' Andriamanitra amin'ny finoana dia hahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinany sy ny maha-avy amin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.